Mifalia Foana na dia Miaritra Fijaliana Aza!

Toromarika: Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.
Mpandray anjara: Ny apostoly Paoly, Silasy, mpanompovavy anankiray sy ny tompony, ary mpiambina fonja
Famintinana: Nogadraina i Paoly sy Silasy satria nitory. Nisy horohoron-tany anefa avy eo ka afaka ry zareo.

1 ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY ASAN'NY APOSTOLY 16:16-40.

Araka ny hevitrao, mety ho hoatran'ny ahoana ny endrik'ireo tompon'ilay mpanompovavy? (*Vakio indray ny andininy 19-22.*)

_____

ny endrik'i Paoly sy Silasy tamin'izy ireo tao am-ponja? (*Vakio indray ny andininy 25.*)

_____

Hoatran'ny ahoana ilay "horohoron-tany" sy ny feony, araka ny hevitrao? (*Vakio indray ny andininy 26, 27.*)

_____

Mety ho hoatran'ny ahoana ny feon'ny apostoly Paoly tamin'izy niresaka tamin'ilay mpiambina ny fonja, araka ny andininy 28-31?

_____

2 FAKAFAKAO ILAY TANTARA.

Hoatran'ny horohoron-tany mahazatra rehetra ihany ve ilay izy? Nahoana? (Vakio ny Asan'ny Apostoly 4:31; 5:19; 12:7.)

_____

_____

Nahoana ilay mpiambina ny fonja no mety ho gaga rehefa nahita an'i Paoly sy Silasy tsara fanahy be taminy? (*Vakio indray ny Asan'ny Apostoly 16:23, 24.*)

_____

_____

_____

Nahoana i Paoly sy Silasy no afaka nitory tamin'olona maro kokoa rehefa nampijalina? (*Vakio indray ny andininy 25 sy 33.*)

_____

_____

_____

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 AMPIHARO IZAY NIANARANAO.

Soraty eto izay nianaranao momba an'ireto:

Inona no hanampy anao hiaritra fijaliana?

Inona no soa ho azonao raha miaritra ianao? (Vakio ny Jakoba 1:2-4.)

4 ERITRERETO IZAO:

Rehefa inona aho no tena mila miaritra?

Inona no azoko atao mba hanahafana an'i Paoly rehefa mifandray amin'olona, na dia miaritra fijaliana aza aho?

Inona no hitako hoe tena mahasoa ahy amin'io tantara io? Nahoana?

Soso-kevitra: Eritrereto hoe ianao ilay mpiambina ny fonja. Soraty hoe mety ho hoatran'ny ahoana ny zava-nitranga tamin'izany. Tantarao hoe mety ho nanao ahoana ny fihetseham-pon'ilay mpiambina tamin'izy nanagadra an'i Paoly sy Silasy, sy tamin'izy nahita an'ilay horohoron-tany, ary tamin'izy sy ny fianakaviany natao batisa.



JW.ORG™

Azo alaina ao amin'ny www.jw.org/mg ity PDF ity

www.jw.org © 2013 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania